

Ahoana no fiasan' Andriamanitra ?

J. Kœchlin



Bibles et Publications Chrétiennes

30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Fizahan-takila >

ISBN : 978-2-87907-352-1
Comment Dieu travaille ?

Fampidirana 7

Drafitry ny episitily:

TOKO 1 – 3. 20

Tena ilaina ny asan'Andriamanitra 9

TOKO 3. 21 – 5. 11

Izay nataon'Andriamanitra ho antsika 15

TOKO 5. 12 – 7

Izay ataon'Andriamanitra ao anatintsika 18

TOKO 8

Izay ataon'Andriamanitra amintsika 25

TOKO 9 – 11

**Izay nataon'Andriamanitra ho an'ny
Isiraely sy ny Jentilisa 31**

TOKO 12 – 15

**Izay ataon'Andriamanitra amin'ny
alalantsika 33**

TOKO 16

Fahombiazan'ny asan'Andriamanitra 38

Fampidirana

Lohahevitra maromaro no velabelarina ao amin'ny episitily nosoratana ho an'ny Romana. Ny amin'ny filazantsara (na ny Vaovao Mahafaly) no velabelariny voalohany: miverina inefatra io teny hoe filazantsara io ao amin'ny toko voalohany¹. Fanambaràna ny famonjena no andraisana ny hevitra ny hoe filazantsara, amin'ny ankapobeny. Io no ilay teboka iantombohan'ny fiainana kristiana. Eo amin'ny and. 15 no ilazan'i Paoly fa nanambara izany filazantsara izany tamina mpino maro izy: porofo izany fa tsy mijanona fotsiny amin'ny famonjena ny fanahy ny filazantsara fa mihoatra izany. Ao aminy no ahitana ny fihevitry'Andriamanitra rehetra, izay ambarany amin'ny olona; ao aminy no ahatarafana ny drafitrasan'Andriamanitra ho an'ny olona.

Ny amin'ny fahamarinan'Andriamanitra no lohahevitra faharoa² iompanan'ny episitily: mampiseho ny fahamarinany sy manolotra izany ho an'ny olona, aorian'ny fanekenany ny filàna izany, Andriamanitra.

Ny amin'ny asan'Andriamanitra no lohahevitra fahatelo³. Hitantsika taratra ato

1. Romana 1. 1, 9, 15, 16 • 2. Romana 1. 17 • 3. Romana 14. 20

anatin'ity episitily ity Andriamanitra miasa. Atombony amin'ny fanilihana ny asan' olombelona izany ary dia miasa izy:

ho antsika (hatreo amin'ny toko 5. 11),

ao anatintsika (manomboka eo amin'ny toko 5. 12)

amin'ny alalantsika (manomboka eo amin'ny toko 12).

Ny endrika isehoan'izany asan'Andriamanitra izany, araka ny iresahan'ny episitily azy, no hojerentsika eto.

TOKO 1 – 3. 20

Tena ilaina ny asan'Andriamanitra

Raha mbola mitoky amin'ny tenany ihany ny olona dia tsy mbola vonona ny hitoky amin'Andriamanitra izy izay, tsy mbola vonona ny hamela Azy hiasa. Ilaina, noho izany, ny fanesorana azy amin'io fitokisan-tena io.

Izany fitaomana ny olona hiala amin'ny fitokisan-tena izany, fa hitoky kosa amin'Andriamanitra, no hitantsika ao amin'ny bokin'i Isaia. Tsy maintsy nolazain'Andriamanitra hatrany am-boalohany ny hoe: « *Mitsahara fa aza mitoky amin'olona, fa fofonaina foana no eo ambavorony, ka hatao zinona izy* »⁴. Rehefa voambarany izany vao nampidirina, ary miandalana, Ilay Iray izay nirahin'Andriamanitra: ho amin'ny Isiraely vahoakany aloha, ho fahazavana ho an'ny Jentilisa aorian'izany, ary ho famonjena hatramin'ny faran'ny tany⁵. Toy izany koa no ambara ao amin'ny Eksodosy. Aseho amintsika ho nandevozina tany Egipta aloha ny Isiraely ary tsy nahita lalan-kivoahana tamin'izany, mba hahafahana mahita ny asa nataon'Andriamanitra taminy taty aoriana.

4. Isaia 2. 22 • 5. Isaia 49. 6

Nanafaka azy Izy, ary mbola nanao zavatra mihoatra izany: nataony ho vahoakany izy ireo, vahoaka mpivavaka aminy, ary teo anivon'izy ireo no nanorenany ny tabernakely⁶.

Toy izany tsy misy hafa koa ny ambaratonga anehoana ny fiasan'Andriamanitra eo amin'ny olona, hita taratra ato amin'ny episitily ho an'ny Romana:

Ambara amintsika aloha ny toerana mahonena misy ny olona, izay asehony amin'ny endrika telo ao amin'ny toko 1 – 3:

Voalohany, asiany teny ny amin'ireo Jentilisa. Mipetraka mandrakariva ny fanontaniana ny amin'izay hataon'Andriamanitra amin'ireo olona tsy mba nandre ny filazantsara. Ny andininy faha-20 amin'ny toko voalohany no mamaly fa ny olon-drehetra no samy nanamafy fo ka nandà ny herin'Andriamanitra, na efa hita taratra tao amin'ireo voary noariny aza izany herin'Andriamanitra izany. Koa satria tsy mba nahay nisaotra sy nanome voninahitra an'Andriamanitra ny olona, dia nohamaizinin'ny fanompoan-tsampy sy ny fahamaizinan-tsaina izy. Fitanisana mahavaky fo tokoa no hitantsika eo amin'ny fiafaran'ity toko ity!

6. Eksodosy 40. 34

Ny faharanitan-tsainy, ny fandrosoan'ny tekhnika, siantifika: izany no itsaran'ny olona ny tenany. Tsy mba izany kosa ny an'Andriamanitra. Ny fo amam-pisainany no itsaran'Andriamanitra ny olona. Izany indrindra no ilazan'ny Soratra Masina manao hoe: « *henika aretina avokoa ny loha (ny fisainana) rehetra, ary marary ny fo rehetra. Hatramin'ny faladia (ny fandeha) ka hatramin'ny loha dia tsy misy izay tsy marary* »⁷.

Marina tokoa fa tsy hoe ny olona rehetra no ho tonga amin'ireo zavatra ratsy loatra voatanisa eo amin'ny toko voalohany ireo. Saingy, voatondro eo amin'ny fiakaran'io fanambaràna io kosa ny fisian'ireo: « *mankasitraka ny manao izany* ». Tsy mampaninona intsony ny manota, tsy ankahalaina⁸ intsony ny ota, ary tsy vitan'izany fa zary lasa ahitam-pahafinaretana mihitsy ny fanaovana azy.

Eo amin'ny toko faharoa no ahitantsika ny endrika faharoa isehoan'io toerana mahonena misy ny olona io. Eto no ahitantsika an'ireo olon'ny fandrosoana, maharaka ny sivilizasiona sy ny kolontsaina: ireo filôzôfa, sy ireo manampahaizana isan-tsokajiny, dia ireo izay mampianatra ny olona ny tokony hataony sy ny tsy tokony hataony. Porofoin'izy ireo fa manana

7. Isaia 1. 5-6 • 8. Romana 12. 9

an'ilay antsoina hoe *fieritreretana* ny olombelona. Manameloka ny tenany anefa izy eo am-pahitana ny fahadisoana ataon'ireo manodidina azy, noho izy ireo milaza ho mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy, satria tsapany fa na ny tenany aza mba latsaka ihany koa amin'ny fahadisoana ataon'ny besinimaro. Tsy manamarina ny olombelona mihitsy ny fieritreretany fa mainka manameloka azy aza⁹.

Ny endrika fahatelo farany kosa milazalaza ny amin'ny Jiosy. Izy ireo no ilay sokajin'olona nahazo tombon-dahiny manokana. Manana *ny lalàn'Andriamanitra* izy ireo, ary manana fifandraisana ara-dalàna amin'Andriamanitra. Mahalala ny sitrapon'Andriamanitra izy, mahalala izay takin'Andriamanitra aminy, kanefa minia mandika izany. Mihevitra mandrakariva ny tenany ho «*tsy mba mpanota avy amin'ny Jentilisa*»¹⁰ ireo Jiosy. Mainka nanameloka azy anefa ilay tombon-dahiny azony. Manondro aminy ny zavatra andrasan'Andriamanitra aminy mantsy ny lalàna. Tsy ho vitany na oviana na oviana anefa ny hanoa izany lalàna izany. Voafaoka ao anatin'ity sokajy fahatelo ity ireo rehetra manana eo am-pelatanany ny Baiboly,

9. Romana 2. 15 • 10. Galatiana 2. 15

kanefa tsy tena miaina izany fa kristiana sarintsariny fotsiny.

Hita ihany koa ao amin'ny Salamo 19 ireo endrika telo nanambaràn'Andriamanitra ny tenany tamin'ny olombelona ireo, na tsy manaraka ny filaharana toy ny nahitantsika azy teto aza :

amin'ny alalan'ny fahariana (and. 1 – 6)

amin'ny alalan'ny teny (and. 7 – 11)

amin'ny alalan'ny fieritreretana (and. 12-14)

Miteny ao amin'ireo voary noariny Andriamanitra, eny fa na ho an'ireo olona tsy mandre mivantana ny filazantsara aza.

Ao amin'ny toko faha-3 no ahitantsika ny fehin-kevitra : eo ambany fangejan'ny ota avokoa ny olombelona rehetra, « *tsy misy marina na dia iray akory aza* » (and. 10), « *tsy misy izay mahafantatra* » (and. 11), « *tsy misy manao ny tsara na dia iray akory aza* » (and. 12). Tsoa-kevitra masiaka loatra ve izany hoy ianao? Ny olona mahatsapa ny toerana misy azy toy izany no ilain'Andriamanitra – ary tsy maintsy ilaintsika koa – hilaza amintsika ny tena fahamarinana. Eo amin'ny and. 23 no mivoaka ny teny farany ho fehin'ny zavatra rehetra: « *Samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra* ».

Navoitran'Andriamanitra aloha ny toerana misy ny olombelona, mialoha ny nanolorany azy ny fahasoavany. Tsy maintsy arodana aloha ny trano haolo mbola miorina eo amin'ny tany kasaina hanorenana trano, mialoha ny hirosoana amin'ny asa fanorenana! Voambaran'ny Soratra Masina mazava tsara ny efa fahalovan'ny olona. Tsy maintsy miaiky izany aloha isika vao afaka ny hiroso amin'ny dingana manaraka.

TOKO 3. 21 – 5. 11

Izay nataon'Andriamanitra ho antsika

Aorian'izany fehin-kevitra mampalahelo mitarika antsika ho amin'ny fahakiviana izany, moa tsy mahavelom-bolo ve ny mahita indray izay ambara eo amin'ny tohin'io fehezanteny io? Andriamanitra no manambara fa: « *hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany* (isika) *noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesoa* » (and. 23, 24).

Ny hanekentsika miaraka aminy ny fitsarana mendrika antsika, noho ny lasantsika, no tadiavin'Andriamanitra. Hanolotra maimaimpoana ny fahasoavany, izay efa nomaniny ho antsika lzy, rehefa tonga amin'io teboka iray io isika. Inona moa io zavatra nomaniny io? Inona io zavatra ilain'ny olo-meloka io? Tsy inona akory fa ny fanamarinana. Tsy ho tonga fananako mihitsy anefa ny fanomezana anankiray, na atolotra ahy aza, rehefa tsy raisiko.

Ny fiafaran'ny toko faha-3 no milaza amintsika ny anjaran'Andriamanitra amin'io fanamarinana io. Manolotra maimaimpoana ny fahamarinany ho an'ny tsy marina Andriamanitra. Ny toko faha-4 kosa no manambara ny andraikity ny olona: ny

fandraisana an'io fanomezana io amin'ny alalan'ny finoana.

Noraisina ny ohatra ny amin'i Abrahama mba hampahazava izany kokoa. Nahavita asa lehibe nampirehareha tokoa i Abrahama. Tsy izany asa izany anefa no nanamarinana azy fa ny finoany! Efa nohamarinina i Abrahama nialoha ny namorana azy. Ny famorana moa no marika fa ny finoana tokoa no lalana hahazoam-pamonjena, ary mahatratra ny olon-drehetra izany famonjena izany fa tsy ho an'ny Jiosy irery ihany. Tahaka izany tsy misy hafa koa ny amin'ilay fanomezana: misokatra ho an'ny rehetra io fanamarinana maimaimpoana atolotry ny fahasoavan'Andriamanitra io. Mitovy torak'izany koa ny fomba hahazoana azy: amin'ny alalan'ny *finoana*, fa tsy ny asa.

Ry mpanota marefo, maloto, ary fahavalon' Andriamanitra: ilay fitiavan'Andriamanitra izay nanolotra ho antsika ny Zanany lahitokana no ahitantsika ny fiadanana, ny fampihavanana, ny reharena sy ny foto-pifaliantsika. Mivaha ankehitriny ny olan'ny ota! Nisy nisolo voina antsika ka nandoa izay tokony ho naloantsika, ho tambin'ny fahadisoantsika. Afaka miditra malalaka ny lanitra ny olona ankehitriny, afaka ny hiara-honina amin'Andriamanitra masina izy. Voavela ny helony.

Saingy, fanontaniana iray indray no mipetraka. Tsy inona akory fa ny amin'ilay toetra ratsy raiki-tampisaka ao anatin'ny olombelona antsoina hoe ota, ilay foto-kazo mitondra voa ratsy, ilay loharano mamoka rano mangidy. Hidirana antsehatra indray Andriamanitra: rehefa niasa *ho antsika Izy* – avy eny ivelany – dia hiasa indray *ao anatintsika*. Tsy dia mahafinaritra antsika loatra ity fiasan'Andriamanitra ao anatintsika ity. Amin'izany mantsy no ampianaran' Andriamanitra antsika hamantatra ny tena maha isika antsika. Mahatonga henatra sy fikorontanan-tsaina ho antsika anefa io fampihanjahanjana ny maha isika antsika io.

TOKO 5. 12 – 7

Izay ataon'Andriamanitra ao anatintsika

Fototra nipoirana roa karazana no asehon'ny toko 5. 12-21. Taranak'i Adama, tamin'ny alalan'ny fahaterahana ara-nofo, isika. Taranaka mpanota, mpihodina amin'Andriamanitra, mpandika ny didin'Andriamanitra. Iharan'ny fanamelohana ho faty isika, noho izany, araka ny didim-pitsarana navoakan'Andriamanitra tao amin'ny saha Edena. Tsy misy lalan-kivoahana hialana amin'izany. Tsy hanarina an'izay efa narodan'ny olombelona rahateo Andriamanitra.

Ny nampiditra olona vaovao teto an-tany no nataon'Andriamanitra. Tsy iza izany fa ny Zanany lahitokana, izay natsangana ho filohan'ankohonana vaovao. Ao amin'io ankohonana io no ivondronan'ireo zanak'Andriamanitra manomboka izao. Mazava fa tena mbola ao anatin'ireo mpino ireo tokoa ilay toetra taloha, saingy novahan'Andriamanitra ny olona. Tsy misy toerana ho an'olona anankiroa eo anatrehan'Andriamanitra. Tsy maintsy foanany aloha ilay iray voalohany, mba hahafahany manome toerana an'ilay iray faharoa. Nozakain'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana ilay fahafatesana

nolovain'ny olon-drehetra tamin'i Adama, ka tokony ho nolanjain'ny isam-batan'olona. Vokany, afaka ny hihevitra an'io toetra taloha io ho efa nahilik'Andriamanitra *tanteraka* ny mpino. Izany no antsoina hoe *fanafahana*. Vaovao mahafaly tokoa izany, dia vaovao mahafaly ao anatin'ilay tena filazantsara feno!

Nafahana tamin'ny inona moa isika?

Nafahana tamin'ny nofo, tamin'ilay 'izaho' sy ny fitokisan-tenany; nafahana tamin'ny fahadisoan-kevitra manoloana ny zava-misy, sy ny fahadisoan-kevitra manoloana ny toetra tinafin'ny maha olombelona. Tarihin' Andriamanitra isika mba hiray hevitra aminy ny amin'ireo zavatra ireo.

Tamin'ny fomba ahoana no nanafahana antsika? Tamin'ny alalan'ny fahafatesana. Tsy midika ho fahafoanana, tsy fisiana intsony, akory ny hoe « fahafatesana » ao amin'ny Soratra Masina. Midika ho fisarahana amin' Andriamanitra izany, fahatapahan'ny fifandraisana aminy. Ireo ambara ho « matin'ny fahadisoana sy ny fahotana » ao amin'ny Efesiana 2. 1, ohatra, dia olona mbola velona ara-batana ihany. Voalaza ihany koa ao amin'ny Apokalypsy 20. 12 fa nitsangana teo anoloan'ny seza fian-drianan'Andriamanitra ny maty rehetra, na ny

kely na ny lehibe. Eo amin'io teny io no ahafantarantsika fa misy tokoa ny fahafatesana faharoa, izay tontolo ho lavitra an'Andriamanitra mandrakizay.

Miova tompo ny mpino ankehitriny. Tsy ho an'ny tenany toy ny taloha intsony no hampiasany an'ireo fahaiza-manaony sy ny fahalalany. Tsy hoe nampiasainy hanaovandratsy mandrakariva akory izany, fa nampiasainy kosa ho an'ny tenany sy tamin'izay sitraky ny fony hatrany hatrany. Tonga vonona ny hanatanteraka an'izay ampanaovin'ilay mpibaiko azy ny momba azy manontolo ankehitriny: ny lelany, ny fahalalany, ny fisainany. Afaka tamin'ny fangejan'ilay 'izaho' izy, tamin'ny alalan'ny «fahafatesan'» io 'izaho' io. Efa eo ambany fahefàn'ny hafa izy izao, fahefana izay nisolo toerana an'ilay voalohany. I Kristy indray no hampiasa an'ireo momba ny tenany ireo. Nanompo an'ilay 'izaho' izy fahiny, nanompo ny ota, nanompo an'izao tontolo izao, fa manompo tompo hafa kosa ankehitriny. Tonga fiasana ho amin'ny *fahamarinana* izy¹¹.

Tsy hita ho mahazo laka mandrakariva eo amin'ny fiainan'ny mpino anefa io fahefana vaovao io. Mbola mitady hisalovana ihany mantsy

11. Romana 6. 13 – eo amin'ny fiafarany.

ny nofo. Mitady hiala amin'ny toerana misy azy (fahafatesana) izy. Izany indrindra no mahatonga ny hafatrafatra eo amin'ny and. 11 manao hoe: « *ka ny tenanareo dia ataovy ho efa maty* ». Raha ambara amin'ny teny hafa izany dia toy ny milaza hoe: « *ataovy andry maso ny nofo, hazony eo amin'ny toerana efa nihazonan'Andriamanitra azy izy, aza vahana izy fandrao hiverina indray amin'ny toerany teo aloha ka hanjakazaka amin'izay tsy azy intsony* ». Mihazona ny tenantsika ho efa maty isika rehefa mampangina an'io fanjakazakan'ny 'izaho' io. Tonga eo ambany fifehezan'ny tompo vaovao izay rehetra momba antsika, izay rehetra mety ho fahalalantsika, ny fahaiza-manaontsika, ary hitoetra ho amin'izany mandrakariva. Efa nilaza rahateo moa ny Tompo fa: « *Tsy misy mahay manompo tompo roa* ». Fahamarinana mila ekentsika amim-pinoana izany, toy ny anekentsika amim-pinoana koa ny amin'ny ota sy ny famelan-keloka.

Asan'ny finoana ny fanafahana antsika amin'ilay 'izahontsika', araka izany, toy ny amin'ny fiovam-po ihany koa. Io finoana io no hany takina mba hahazoana ny fanafahana. Tokana ihany ny zavatra andrasana: ny fizarana miaina ao anatin'izany fahafahana izany, ny fampiharana azy eo amin'ny fiainana

andavanandro. Mirona hatrany ho amin'ny fampihenana an'io toerana tokony ho an'ny Tompo io anefa isika, mba hanomezana toerana indray an'ilay 'izahontsika'.

Ady mampitolefika no hitantsika eo amin'ny toko 7 and. 12. Miady ao anatin'ny ao ity olona anankiray ity. Manana ny fiainan'Andriamanitra izy. Fantany izay tsara tokony hatao kanefa tsy manan-kery hanatanterahana izany izy, na, ny marimarina kokoa, ny herin'ny tenany no katsahiny hanatanterahana izany. Tsy nanome fahafaham-po azy anefa izany. Tsy nifantoka afa-tsy tamin'ny tenany ihany ity mpino mahantra ity, raha jerena ny toko iray manontolo. Hitantsika miverina inefatra, fara fahakeliny, ny hoe 'aho', 'ahy', '-ko'. Ny 'izaho' no eo anivo. Mitady izay hialana amin'ny fironana mahazo laka ao anatin'ny ity lehilahy ity, mitady ny hankasitranan'Andriamanitra izy. Mandamoaka hatrany anefa ny ezaka ataony. Iza tamintsika moa no tsy mbola nandalo toe-javatra toy izany? Mandray fanapahan-kevitra tena tsara isika, kanefa rava foana vetivety eo izany!

Midika ve izany fa tsy ilaina intsony ny hiezaka satria ho zava-poana ihany izany? Avela ve hitranga izay hitranga?

Tsy maintsy misy tokoa ny ezaka, saingy ny fiambenana no tokony hibahan-toerana. Raha

raisina, ohatra, ny zava-misy eo amin'ny sehatry ny ady: samy itakiana ezaka avokoa na ny mpitily ny fahavalo, na ireo eny an-tany fiadiana. Samy hafa anefa ny ezaka andrasana amin'izy ireo! Tsy zavatra kely akory ny fihazonana ny nofo ho toy ny efa maty, sy ny fanatevenana hatrany ny fiombonana amin'ny Tompo. Izany mihitsy no loharanon-kery ho antsika (izay tsy ho efantsika raha tsy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina): miantombena eo anilan'ny Tompo mandrakariva mba ho tsapantsika fa *mila Azy isika amin'ny fiainantsika manontolo, ary tsy mahefa na inona na inona isika raha misaraka aminy*¹².

Indro hitantsika ity mpino ity, rehefa tsy nahovoka tamin'izay azony natao rehetra nialana tamin'ny honahona nandetika azy, miantsoantso eo amin'ny fiafaran'ny toko faha-7 manao hoe: «tsy vitako intsony ny hamonjy ny tenako, tolo ry tanana aho. Iza no hanafaka ahy amin'ny tenan'ity fahafatesana ity? Tsy ho efako izaho samirery izany». Ny hahatsapa izany indrindra no andrasan'Andriamanitra amintsika. Avelany hisedra olana toy izany isika mandrapahatsapantsika, na ho ela na ho haingana, fa lzy no hany afaka hamonjy antsika.

12. Jaona 15. 5

Arakaraka ny hiasan'ny fahasoavan' Andriamanitra ao anatintsika, no hanafoanan' Andriamanitra tsikelikely ihany koa ny fitokisantsika amin'ny tenantsika. Amin'izany no hianarantsika mametraka ny tokintsika manontolo aminy. Manantena ny hahita zavatra tsara ao amin'ny olombelona isika, kanefa tsy mahita, hany ka diso fanantenana. Tsy maintsy ianarantsika sy ekentsika fa izay rehetra tsy hitantsika ao amintsika dia ho hitantsika ao amin'i Jesoa Kristy Ilay Tompontsika. Izany indrindra no tena fiadanana sy hasambaram-be ho antsika.

TOKO 8

Izay ataon'Andriamanitra amintsika

Milazalaza ny amin'ny toerana misy ny mpino ankehitriny ny and. 8. Olona afaka tanteraka izy ary miravoravo amin'izany. Efa ananany ny fiainana, saingy ny hery ao anatin'ny no hany sisa tsy ampy (toko 7). Ny Fanahy Masina no hameno izany banga ao anatin'ny izany.

Monina ao am-pon'ny mpino ny Fanahy Masina. Tsy afaka ny honina ao anefa izy raha mbola misy zavatra hafa mibahan-toerana ao. Tsy maintsy ho foana io fonsika io vao ho azo fenoina.

Ny Fanahy Masina no mitondra ny fahalalana sy ny fitiavana ho ao anatin'ny mpino. Eto amin'ny toko faha-8 no ahitantsika ny mpino mamela manontolo ny maha olona azy, ary manome vahana ny Fanahy Masina hiasa: lasan'i Kristy ny toeran'ilay 'izaho', tonga «*ao amin'i Kristy Jesoa*»¹³ izy, tonga iray tanteraka aminy. Mino izy ka manomboka miaina amin'ny fiainana mifanaraka amin'izany. Hivelatra kokoa izao ny

13. Romana 8. 1

fahalalany, noho ilay hery avy amin' Andriamanitra:

1. Tsy izay *nataon'Andriamanitra ho azy* ihany no ho tsapany, fa izay *ataon'Andriamanitra aminy* koa: tonga zanak'Andriamanitra izy, ka afaka ny hiantso Azy amin'ilay teny angoty hoe «Aba», izay notononin'ny Tompo Jesoa koa fony izy tao Getsemane¹⁴. Vokatryzany, hiray lova amin'ny Zanaka lahimatoa sy hiray lova amin'ireo zanaka rehetra izy: «*sady mpandova an'Andriamanitra izy no mpiray lova amin'i Kristy*».

Ny hahatonga antsika «hitovy endrika tanteraka amin'ny Zanany» no fikasàn' Andriamanitra. Io no teny azo raisina ho fototra ato amin'ity toko ity. Ny saintsika no tsy maintsy hovaina hitovy amin'ny fisainan'i Kristy, mandra-piavin'ilay fotoana hanovàny ny «tenan'ny fietren-tenantsika ka hitovy endrika amin'ny tenan'ny voninahiny»¹⁵. Fankatoavana, faharetana, fahendrena, fikelezana aina atosiky ny fitiavana, fanetren-tena... izany no tao amin'ilay Zanaka lahimatoa. Toetra sarobidy tokoa teo imason'ny Ray ireo ka tiany ho hita koa ao amin'ireo zanany rehetra, dia ao amin'ireo rehetra anisan'ny ankohonany.

14. Marka 14. 36 • 15. Filipiana 3. 21

2. Ampahafantaran'Andriamanitra antsika ny tontolo mbola iainantsika ankehitriny: eo anivon'ny voary misento sy marary. Tsy tokony hanao hodian-tsy hita an'izany isika. Ory ny mpino rehefa mahita ny fihanaky ny ota sy ny tsy fihontsonan'ny olona amin'ny fahasoavana atolotr'Andriamanitra. Malahelo izy noho izato asa tsy takona afenina baikoin'ny maha olona, izay mihazakazaka ho amin'ny fitsarana. Nandia teo amin'io tontolo io koa ny Tompo Jesoa, ary nahatsapa izany. Izy no tena nahatsapa an'io fanaovana tsinontsinona an'Andriamanitra noho ny ota io, sy ny fahoriana mianjady amin'ny voary, vokatry'izany¹⁶. Mitondra fahoriana ho an'ireo zanak'Andriamanitra toy izany koa ny fakàmpanahy. Tsy *ao amin'ny nofo* intsony mantsy izy ireo (and. 9), kanefa mbola ao aminy ihany ny nofo, ary voalaza eo amin'ny and. 6, 7 ny toetoetrany.

Aoka tsy hafangaro amin'ilay fimonomononana vokatry ny tsy fahafaham-po, sy ny fitsiriritana an'izay tsy nomen'Andriamanitra antsika, ny hoe fisentoana eo amin'ny 8. 23. Tsy sento vokatry ny fahakiviana nosedraina teo amin'ny toko faha-7 koa io. Sento vokatry ny fahatsapana ny fahalovan'ny fisainan'izao

16. Jereo ny Marka 7. 34; 8. 12

tontolo izao, sy ny fanandevozana mihatra aminy, vokatr'izany, io.

3. Hitantsika eto ny hery nomena antsika hahafahantsika miaina eo anivon'io tontolo misento sy marary io: ny Fanahy Masina ao anatintsika. Io Fanahy io no mpanalalana antsika ety an-tany (and. 26), ary ny Tompo no mpanalalana antsika any an-danitra (and. 34).

4. Manjary mahay mamantatra, amin'ny alalan'ny finoana, ny tanan'Andriamanitra miasa ao ambadik'ireo zavatra rehetra mitranga eo amin'ny fiainantsika isika, noho io teny mahafinaritra eo amin'ny and. 28 io. Tsy ireo zavatra lehibe notanterahina ho antsika ihany, toy ny fanamarinana, ny fanavotana, ny fampihavanana, ny fanafahana... no voafaoka ao amin'ny hoe asan'Andriamanitra, izay lohahevitra velabelarintsika miainga amin'ity episitily ity. Ampiasainy avokoa ny zavatra rehetra, na ny farany kely aza, izay heverina ho tsinontsinona, ho fanasoavana an'izay rehetra tia an'Andriamanitra, ka hahatonga azy ireny hitovy endrika amin'ilay Zanaka lahimatoa. Mitsofoka hatrany amin'ny antsipiriam-piainantsika Andriamanitra. Eo ambany andry masonry ny fiainantsika manontolo. Tsarovy fa tsy misy fitaovana mandeha ho azy amin'izao raha tsy misy tanana manodina azy. Fantaro

mandrakariva àry fa miasa hatrany ny tanan'Andriamanitra, na ao amin'ireo zavatra maharary antsika aza. Mipetraka amin'ny toerana tokony hisy azy mihitsy ny matoanteny hoe 'miasa' ato amin'ny episitily ho an'ny Romana.

5. Hitantsika ihany koa ny hoe nahoana moa isika no ety an-tany? Marina tokoa fa efa nisy lesona teo amin'ny toko 5, 6, 7, saingy lesona nanasongadina lafy ratsin-javatra ihany ireo, ary tsy ny hianatra izany ihany no antony nametrahana antsika ety ambonin'ny tany. Misy koa ny lafy tsara. Tsy inona izany fa ny fahalalana izay omen'ny Fanahy Masina antsika: ny fahafantarana ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fitiavan'i Kristy. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia hoe: ny ivo mibaiko an'ilay tanana (and. 35, 39).

Tsy nampanantena ny hanome ny mpino fiainana tsotsotra noho ny taloha mihitsy ny Tompo aorian'ny fiovam-pony. Ny toe-po eo ampisedrana an'ireo zava-mitranga isan-karazany no miova, ary ampiasain'Andriamanitra hampianarana antsika ny fitiavan'ny Tompo avokoa ny isanisany amin'ireny zavatra sedraintsika ireny. Hitantsika miverimberina rahateo ao amin'ny Baiboly ny teny hoe «fahoriana»¹⁷: avy amin'ny teny latina hoe

17. 2 Korintiana 4. 17

«tribulum» io teny io – iantsoana ny fitaovana fivelezam-bary – entina milaza ny kapoka mamaivay, kanefa tena ilaina mba hitondran-tsika vokatra tsara. Lalana hamantarantsika ny fitiavan’Andriamanitra avokoa ireo fizahan-toetra rehetra mianjady amintsika. Miara-dalana mandrakariva amin’ireo fitsapana isan-karazany tojo antsika mantsy izany fitiavan’Andriamanitra izany.

Misy fandresena azo mandrakariva amin’ny «zavatra rehetra»: «*manoatra noho ny mpandresy isika*» (and. 37). Izany no vokatra entin’ilay fahoriana nodiavina; vokatra ho fanomezam-boninahitra an’Andriamanitra. Tsy hoe fanekena an’Andriamanitra ihany no antony iaretantsika ny fizahan-toetra, fa ahitantsika ny fahasoavan’Andriamanitra ihany koa ny famakivakiansika azy ireny.

Miantomboka amin’ny hoe «*tsy misy fanamelohana*» ity toko faha-8 ity, ary miafara amin’ny hoe «*tsy misy hahasaraka*».

TOKO 9 – 11

Izay nataon'Andriamanitra ho an'ny Isiraely sy ny Jentilisa

Mitombo ihany ilay fahalalana ara-panahy azon'ny mpino eo amin'ny toko 9-11. Mampianatra antsika ny Fanahy Masina fa tsy vitan'ny hoe tia antsika fotsiny Andriamanitra, fa manam-pahendrena sy tompon'ny fahefana ihany koa Izy.

Nahoana, ohatra, no nafoy vetivety ny Isiraely ho fanasoavana ny Jentilisa? Tokana ny valiny: noho ny fahasoavana izay tonga mahenika ny olombelona rehetra tsy ankanavaka, manomboka izao. Tsy nisy anefa, na iray aza, tamin'ny fampanantenana nomeny tsy tanteraka. Hovonjena ihany ny Isiraely amin'ny farany. Ho tonga vahoakan'ny lanitra ihany koa ireo Jentilisa tonga mpino, izany hoe ireo sokajin'olona miavaka amin'ny maro ka nahazo tombontsoa manokana, nahazo fiantsoana miavaka amin'ireo sokajy samihafa eo amin'ny voary noarina.

Miafara amin'ny fankalazana an'Andriamanitra ny toko faha-11, noho izany. Fanandratana ny fahendren'Andriamanitra no hita eo. Mitsaoka an'Andriamanitra ny mpino.

Mifarana amin'io fanandratana an' Andriamanitra io ny toko faha-11, kanefa endrika vaovaon'ny asan'Andriamanitra indray no manohy azy avy hatrany. Tsy ny asany *ho antsika na ny asany ao anatintsika fa ny asany amin'ny alalantsika.*

TOKO 12 – 15

Izay ataon'Andriamanitra amin'ny alalantsika

Ny fisian'ny mpampiankina «koa» eo amin'ny 12.1 no mampifandray ny toko faha-11 sy faha-12. Raha nanao zavatra lehibe ho antsika Andriamanitra, isika kosa tokony hanokana ny tenantsika ho amin'ny fiainana mifanaraka amin'ilay fitiavan'i Kristy ao amintsika. Mariho fa tsy mba nanery an'ireo olona nositrany hanaraka Azy, na hanompo Azy, i Jesoa. Hitantsika kosa anefa i Bartimeo nanary ny lambany ka nanaraka an'i Jesoa avy hatrany¹⁸; ilay demoniaka sitrana, ilay nitoerana demony maro 'legiona', nangataka ny hanaraka Azy¹⁹.

Ny manomana an'io fitaovana io no asa atao voalohany, mialoha ny hiasana amina fitaovana iray. Izany indrindra no ataon'Andriamanitra. Amboariny ilay fitaovana mba ho azo hampiasaina. Izay ataon'Andriamanitra *ho antsika* sy ny ataony *ao anatintsika* izany dia tsy inona akory fa fanomanany ihany an'izay hataony *amin'ny alalantsika*. Hitantsika ao

18. Marka 10. 46-52 • 19. Marka 5. 18

amin'ny Tenin'Andriamanitra ny fisian'ireo mpanompony marobe natokana nandritra ny fotoana maharitra, mialoha ny niantsoana azy hanatanteraka asa iray. Izany no nataon' Andriamanitra mba hahita fahombiazana sy hahatontosana an'izay hanirahana azy ireny mpanompony ireny.

Izany no antony itanisan'ny toko faha-12 an'ireo lisitra, izay mbola azo tohizana, mitanisa ny asa voaomana ho an'ireo fitaovana efa voavolavola mialoha hanatanteraka azy. Miantomboka amin'ny filazana ny hoe «famindrampon'Andriamanitra» ity toko ity. Mampahatsiahy ny fitiavan'ny Tompo sy ny fahefan'io fitiavana io eo amin'ny fiainantsika ny filazana izany. Tsy fitanisana ny tokony hatao sy ny tsy tokony hatao, tahaka ny hitantsika ao amin'ny lalàna akory no hitantsika eto. Asa maromaro napetraka ho eo anoloan'ireo nahatsapa ny halalin'ny fitiavan'i Kristy no tanisaina. Midika izany fa antsoina mba hafana fo amin'ny asa ny mpino. Manohina ny antson'ny Tompo ny mpino, amim-piaikena tanteraka fa tsinontsinona ihany izay mba vitany ho an'ny Tompo raha oharina amin'izay nataon'io Tompony io ho azy. Tian'Andriamanitra hanandrana ny fifaliam-be azo avy amin'ny fanompoana Azy ny mpino, dia fifaliana tahaka

an'izay nananan'ny Tompo Jesoa raha tety antany Izy.

Mitanisa karazana asa toa miandrindra ny fisian'ny mpiasa marobe hitsimoka ka ho azo jinjaina, ny tapany voalohany amin'ity toko ity. Takina amin'izany, mialoha ny zavatra rehetra, ny tsy maintsy *hiovany* (and. 2). Midika hoe « fiofoana » ny teny fototra nandikana an'io teny hoe « miova » io. Fiovana hatrany amin'ny fotony no takina. Fiovan'ny saina, ka izay tsy nasiany vidiny teo aloha no manjary sarobidy aminy ankehitriny, ary izay nimatimatesany teo aloha no ho tonga tsinontsinona aminy. Ny fampanginana ny 'izaho' no voalohany indrindra amin'izany.

Mifamototra tanteraka ankehitriny ny fomba fijery: araka ny fijerin'Andriamanitra izao no ijerentsika ny zavatra rehetra. Izy no mitari-dalana antsika amin'izany fomba fisainana vaovao izany, izay fisainany rahateo. Tanterahiny izany amin'ny alalan'ny fampandiavana antsika an'ireo zavatra voalaza teo amin'ny toko teo aloha, sy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay nomeny ho antsika. Izany Fanahy izany rahateo moa no hany tokana mahay manavao ny fisainantsika sy ny fihevitsika, ka hahitantsika ny sitrapon'Andriamanitra ho *tsara sady ankasitrahana no marina*. Mavesatra sy

maneritery no fahitantsika izany sitrapon' Andriamanitra izany teo aloha. Halan'ny olona ny ho eo ambany fifehezanà tompo anankiray. Ho maivana anefa izany raha miray fo sy miray hevitra ny tompo sy ny mpanompo: izany no fiovana entin'ny fitiavana.

Anjarantsika ny *mamantatra* an'io sain' Andriamanitra io. Anontanio Azy izany, tadiavo ary henoy. Aza manaiky ny hanao zavatra iray raha tsy efa mazava aminao ny sain' Andriamanitra mikasika izany. Ahoana moa no hahasahiana hiroso amin'ny fanatanterahana zavatra iray, na inona izany na inona, raha tsy efa nandray ny tolo-tsaina avy amin'Andriamanitra? Izany no fanatitra velona sy fanompoam-panahy tokony hatao. Ny Fanahy Masina no miasa ao anatintsika, misolo toerana an'ireo tari-dalana nomena mivantana sy tamin'ny antsipiriany tao amin'ny Testamenta Taloha, mbamin'ny tamin'ny fotoanan'ny mpisorona sy ny levita.

Ny fanetren-tena no fepetra voalohany tokony ho feno mialoha ny asa rehetra, na inona io asa io na inona (and. 3). Izany no natao ho loha laharana mba ho fampahatsiahivana fa ny fahasoavan' Andriamanitra no miasa fa tsy isika akory. Tahaka izany tsy misy hafa koa ny filaharana hita ao amin'ny Efesiana 2. 8-10: tsy ny asa ataon'ny olona akory no hahazoany famonjena. Ny

asan'Andriamanitra kosa dia tsy hafa akory fa isika mpino: « fa asany isika ».

Aorian'izany izy vao miresaka ny amin'ny asa tsara izay tokony hotanterahintsika. Mbola Andriamanitra ihany anefa no manomana izany ho antsika. Koa satria asan'Andriamanitra izany dia tsy mahagaga raha notohizana avy hatrany teto hoe tsy misy hireharehantsika.

Ambara amintsika indray ny fomba hanatanterahana azy rehefa avy notanisaina ireo asa isan-karazany: ny fifandraisan'ny olona amin' Andriamanitra, ny fifandraisan'ny samy mpino, ary farany, ny fifandraisana amin'ny hafa. Ao amin'ny toko faha-13 sy faha-15 no ahitantsika ny antsipirian'ny fampiharana eo amin'ny fiainana kristiana an'ireo zavatra hitantsika tao amin'ireo toko teo aloha. Manome ohatra ny tenany i Paoly, dia izy izay nanoratra an'izao episitily izao, amin'ny maha mpanompo feno zoto sy hafanam-po azy.

TOKO 16

Fahombiazan'ny asan'Andriamanitra

Fehiny

Eto amin'ny toko faha-16 no ahitantsika ny vokatry ny asa nataon'Andriamanitra tamim-paharetana. Anaran'olona maromaro no voatanisa ho toy ny vokatry nentin'ny asan'Andriamanitra: teo aminy, tao anatiny, ary tamin'ny alalany. Nanan-javatra nolazaina azy ireo tsirairay avy tamin'ny alalan'ny apôstôly Paoly Andriamanitra. Santionany amin'izay ho hitantsika rahatrizay no hitantsika eto: dia izay hataon'Andriamanitra amintsika, izay hataony ao anatintsika ary izay hataony amin'ny alalan'ny isanisany amin'ireo mpanompony mandritra ny tantaran'ny zanak'olombelona ety an-tany.

* * *

Fanontaniana fisaintsainana ho an'ny tsirairay no atao eto am-pamaranana. Saino hoe dingana aiza ho aiza eo amin'izay nanomanan' Andriamanitra antsika izao no misy antsika.

1. Moa mbola eo amin'ny toko telo voalohany ve isika? Mbola manapaka ao amintsika ihany ny otantsika, raha izany, ary mbola eo anoloantsika ny fitsaràn'Andriamanitra.

2. Sa, efa tonga eo amin'ny toko faha-5 isika? Efa voavonjy isika, raha izany, efa voamarina tamin'ny alalan'ny finoana. Kanefa, vao fiantombohan'ny asan'Andriamanitra ihany izany.

3. Efa mandia ny toko faha-6 sy faha-7 ve isika, izay milaza indrindra ny ataon'Andriamanitra ao anatintsika? Moa ekentsika ho araka ny fijerin'Andriamanitra mihitsy koa ve ny fitsapana lalovan'ireo taranak'i Adama?

4. Moa tody eo amin'ny toko faha-8 ve isika, ary enga anie ka ho tonga amin'izany, izay ahitana fehin-kevitra mitory fandresena, dia ny fisokafan'ny maso sy ny fo hahita an'izay ataon'i Kristy amintsika?

5. Fantaro ary ankehitriny fa mametraka asa eo anoloan'ny tsirairay ilay fahasoavan'Andriamanitra, araka ny hitantsika teo amin'ny toko faha-12. Misy asa iray na maromaro, araka izany, voatendry hotanterahin'ny isanisany amin'ireo fitaovana novolavolainy tamim-paharetana ireo. Anjarantsika ny mamantatra ireny asa ireny.

Afaka ny hanompo amim-panetren-tena, ombam-pankasitrahana tanteraka, miaraka amin'ireo mpino marobe mitanjozotra ao aorian'ny Tompo Jesoa isika, rehefa fantatsika ireny asa nankinin'ny Tompo tamintsika ireny. Natolony ho an'ny Tompo ny momba azy rehetra, dia ho an'llay Tompo izay efa nanomana asa ho an'ny tsirairay avy amin'izy ireny, ary efa nanomana ny tsirairay avy amin'ireo mpanompo ho vonona amin'ny asa.

Izany zava-tsoa loatra velarina eo anoloantsika izany no mahatonga antsika hihiaka miaraka amin'ny apôstôly Paoly, raha mamarana izao episitily izao izy, manao hoe: «*Ho an' Andriamanitra tokana ihany sady hendry anie ny voninahitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy mandrakizay mandrakizay. Amena.*»²⁰.

20. Romana 16. 27

